ce 02/09/25
8ce PV
V
CRA n°41

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-41

**Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:**
**- Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°91-025 du 12 Août 1991, portant Organisations et Contrôle de la Circulation des Nationaux vers l'Extérieur, modifiée par la loi n°96-017 du 13 Août 1996», natolotry ny "Général de Corps d'Armée (e.r), Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona**
**- Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la loi n°99-028 du 3 Février 62000, portant Réfonte du Code Maritime» natolotry ny "Général de Corps d'Armée (e.r), Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona**

Fivoriana faha-14
Natao ny
Alakamisy 19 Jona 2025
- tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette

**MPITANTSORATRA:** -Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine
-Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

**FOTOANA:** Alakamisy 19 Jona 2025, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 26 ; tsy tonga: 137 ; voaalatsiny: 00

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:
- Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°91-025 du 12 Août 1991, portant Organisations et Contrôle de la Circulation des Nationaux vers l'Extérieur, modifiée par la loi n°96-017 du 13 Août 1996», natolotry ny "Général de Corps d'Armée (e.r), Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona sy ny
- Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la loi n°99-028 du 3 Février 62000, portant Réfonte du Code Maritime» natolotry ny "Général de Corps d'Armée (e.r), Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona.

Nitohy ny Alakamisy 19 Jona 2025, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette, no nitarika izany.

Rehefa niarahaba ny mpivory Ramatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson no nanatanteraka izany.

Taorian'izay nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany. Nambarany koa fa ny hodinihana voalohany amin'izany dia ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la loi n°99-028 du 3 Février 2000, portant Réfonte du Code Maritime».

Nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fiantsoana anarana nataony koa Ramatoa Mpitarika fivoriana no sady niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba Tolo-dalàna.
Noho ny tsy fahatongavan'ny Mpampakatenin'ny Vaomiera dia Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson hatrany no nanatontosa izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-17 Jona 2025 tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Jono sy ny Toekarena Manga ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modifiaction de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant Refonte du Code Maritime» natolotry ny "Général du Corps d'Armée" (e.r), Andriamatoa RAVALOMANANA Richard Filohan'ny Antenimierandoholona.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieranʾny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
2. ANDRIANIRINA Narcis
3. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
4. RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina
5. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
6. MAMINIRA Jolce
7. RAMANANJARASOA Clarisse

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieranʾny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
3. MALINIRINA Jolce

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana :

Andriamatoa isany

1. HANOGNONA Hervé
2. RAZAFINDRABARY Richard
3. PEPIN Michou
4. RAZAFINDRATSARA Johnson Anatol

Tsy nisy tonga ireo mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Ny "Général du Corps d'Armée" (e.r), Andriamatoa RAVALOMANANA Richard Filohan'ny Antenimierandoholona, avy amin'ny Antenimierandoholona no tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | RAHARISON Narindra | MPEB/DAJC |
| 2. | RIJASOA Fanazavana | MPEB/DE.CSP |
| 3. | RAMAHEFALALA Sedera | MPEB/CSP-SAJC |
| 4. | RANDRIAMIALISON Yvette | SEDASCC/ MAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny « Général du Corps d'Armée » (e.r), Andriamatoa RAVALOMANANA Richard Filohan'ny Antenimierandoholona ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa efa nandalo fandinihana voalohany teny anivon'ny Antenimierandoholona ity Tolo-dalàna ity ka izao entina eto anivon'ny Antenimierampirenena izao mba hangatahana fankatoavana.

Raha ny zava-misy dia mihamitombo hatrany ny fifindra-monina antsokosoko na dia efa misy aza ny lalàna noraisin'ny Fitondram-panjakana mandrara sy manasazy ny tompon'antoka amin'izany. Araka ny angom-baovao voaray dia betsaka amin'ireo mpifindra monina tsy ara-dalàna, indrindra fa ireo mandao ny firenena amin'ny alàlan'ny sambo na lakana no misedra loza eny anivon-dranomasina toy ny fanalàna mpandeha tampoka eny ampandehanana sy fanesorana azy ireo eny amin'ny toerana tsy fantatra ka mety hiteraka fahasahiranana sy fahafatesana.

Anisan'ny antony iray mahatonga ny fitohizan'ny fifindra-monina antsokosoko ny fahalefahan'ny sazy ampiharina amin'ireo mpandray anjara amin'ny tambazotra ka izany indrindra no nahatonga ny fanolorana ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la Loi n°99-028 du 03 février 2000 portant Refonte du Code Maritime » izay manamafy ny sazy mihatra amin'ireo mpandray anjara mivantana na ankolaka amin'ny fanondranana olona antsokosoko mba hampihenana ny fiondranana antsokosoko mankany ivelany amin'ny alàlan'ny fitaterana an-dranomasina.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

<u>**FANAMARIHANA AVY AMIN'NY MPIVORY**</u> :

1. Tokony hojerena ny fifanarahana iraisam-pirenena mifehy ny fifamezivezena an-dranomasina nosoniavin'i Madagasikara sao mifanohitra amin'ny voalaza ato anaty Tolo-dalàna ;

2. Tokony ho andraikitry ny sambo ny fampodiana ireo mpifindra-monina antsokosoko nentiny fa tsy andraikitry ny Fanjakana Malagasy ;

3. Tokony hatao « circonstance aggravante » ny fanasaziana ireo mpandray anjara amin'ny fanondranana olona ka nahitana « concertation » sy « réunion » satria efa tambazotra sy « bande organisée » no nanao ny asa ratsy ;

4. Mila avoitra ato anaty Tolo-dalàna ny famaritana ny atao hoe « intention à l'émigration clandestine » sy ny « passager clandestin » sao hifangaro amin'ny famaritana ny « émigration clandestine » voalazan'ny « Convention de FAL » izay mikendry ny fanamorana ny fifamoivoizana an-dranomasina iraisam-pirenena ;

5. Tokony hijanona amin'ny « Disposition pénale » sy « amende » ihany ny Tolo-dalàna fa avela ho ny « Autorité de Régulation » (APMF) no hanao ny « sanction administrative »;

6. Tokony ho « circonstance aggravante » ireo manana « intention à l'émigration clandestine ».

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**<u>FANONTANIANA SY VALINY</u>**:

1. Ampy ilazana fa tafiditra ho mpiray tsikombakomba ve ny mpanamory ny sambo nitondra mpifindra monina antsokosoko izay nanome tohana ny « clandestin » ?
   *- Raha voatsikaritra fa mahafantatra ny mpanamory ny sambo fa mpifindra monina antsokosoko no omeny tohana dia tafiditra ho mpiray tsikombakomba izy, tsy tafiditra kosa izy raha ny mifanohitra amin'izany no voatsikaritra.*

2. Inona no famaritana ny «brevet», «titre» izay voalaza ao andininy faha-7.5.07 ao amin'ny "Code Maritime", izay ao amin'ny andininy faha-3 ny Tolo-dalàna?
   *- Ny APMF no mamoaka azy io ka azo atao tsara ny manao ny fampiatoana raha toa fantatra ny tsy fanarahan-dalàna.*

3. Tsy mampiova ny "Loi n°99-028 du 03 février 2000 portant refonte du Code Maritime" ve ity Tolo-dalàna ity ?

*- Ny sazy omena ny mpandray anjara amin'ny fanondranana antsokosoko ihany no nokitihina ka heverina fa tsy hampiova azy izany.*

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandinihana isan'andininy ny mpivory:
- Nitondrana fanitsiana sy fanovàna ny andininy: faha-2 sy faha-3 raha toa ka notazonina ny rijan-teny mandrafitra ny andininy voalazany sy faha-4 ary faha-5;

- Mikasika ny fanovàna ao amin'ny andininy faha-2 sy faha-3, napetraka fa isaky ny miova hevitra dia miova andalana vaovao satria mavesatra loatra ny famakiana ny rijan-teny.

Taorin'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

| | | |
|---|---|---|
| **Famelabelarana ny Antonantony** | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| **Andininy voalohany** | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| **Andininy faha-2** | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo ny tovana**) |
| **Andininy faha-3** | : | Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (**jereo ny tovana**) |
| **Andininy faha-4** | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| **Andininy faha-5** | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny andininy faha-55 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modifiaction de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code Maritime», natolotry ny "Général du Corps d'Armée" (e.r), Andriamatoa RAVALOMANANA Richard Filohan'ny Antenimierandoholona ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

**TOVANA**

| VERSION ORIGINALE | VERSION AMENDEE EN COMMISSION |
|---|---|
| **Article 2** . - Les dispositions de l'article 7.5.06 de la Loi n° 99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime sont modifiées et complétées comme suit :<br><br>« **Art. 7.5.06. (**Nouveau) - Passager clandestin ou présence clandestine à_bord d'un navire :<br><br>Quiconque s'introduit ou tente frauduleusement de s'introduire à bord d'un navire dans le but de franchir une frontière maritime nationale est puni d'un emprisonnement de un (1) à quatre (4) ans et d'une amende de dix millions (10.000 000 Ar) à cinquante millions (50.000 000 Ar) d'ariary.<br><br>En cas de récidive, les peines sont portées au double.<br><br>Lorsque l'auteur est de nationalité étrangère, les frais afférents à son refoulement hors du territoire national sont à la charge du propriétaire, de l'exploitant ou de l'affréteur du navire à bord duquel l'infraction a été commise, sauf s'il est établi qu'aucune négligence ou complicité ne peut leur être imputée. » | **Article 2** . - Les dispositions de l'article 7.5.06 de la Loi n° 99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime sont modifiées et complétées comme suit :<br><br>« Art. 7.5.06. (Nouveau) - Passager clandestin ou présence clandestine à bord d'un navire :<br>Quiconque s'introduit ou tente frauduleusement de s'introduire à bord d'un navire dans le but de franchir une frontière maritime nationale est puni d'un emprisonnement de un (1) à quatre (4) ans et d'une amende de deux cent cinquante mille ariary (**250 000 Ar) à un million deux cent cinquante mille ariary (1 250 000 Ar)**<br><br>En cas de récidive, les peines sont portées au double.<br><br>**« Art. 7.5.06. ( bis)**<br>**Dans le cas où l'infraction a été tentée ou commise dans le but d'émigrer clandestinement, les peines prévues à l'article premier du présent article sont prononcées indépendamment des peines encourues pour le délit d'émigration clandestine.**<br>**Les frais du refoulement hors du territoire des passagers clandestins de nationalité étrangère sont imputés au** |

| | |
|---|---|
| | **responsable du navire à bord duquel le délit a été commis. »** |
| **Article 3. -** Les dispositions de l'article 7.5.07 de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime sont modifiées et complétées comme suit :<br><br>« **<u>Art. 7.5.07</u>. (Nouveau)** - Complice du clandestin :<br>Quiconque, à bord ou à terre, facilite l'embarquement ou le débarquement d'un passager clandestin, le dissimule à bord, ou lui procure des vivres ou des moyens de subsistance à l'insu du capitaine du navire, est puni d'un emprisonnement d'un (1) à quatre (4) ans et d'une amende de dix millions d'ariary (10.000.000 Ar) à cinquante millions d'ariary (50 000 000 Ar).<br><br>Lorsque <u>l'auteur des faits</u> est le propriétaire et/ou le capitaine du navire, la peine est portée à une amende de vingt-cinq millions d'ariary<br>(25.000.000 Ar) à soixante-quinze millions d'ariary (75 000 000 Ar), assortie de la même peine d'emprisonnement.<br><br>Lorsque l'infraction est commise de manière concertée ou en réunion, la peine encourue est portée au maximum.<br>En cas de récidive, les peines d'amende et d'emprisonnement sont portées au double.<br><br>Dans tous les cas, les titres, brevets et autres certificats du personnel de bord impliqué sont suspendus pour une durée de deux (2) ans ou retirés définitivement en cas de récidive. Le permis de navigation du navire ayant servi à la commission de l'infraction est également suspendu pendant le même délai ou retiré définitivement en cas de récidive ». | **Article 3. -** Les dispositions de l'article 7.5.07 de la Loi n°99-028 du 3 février 2000 portant refonte du Code maritime sont modifiées et complétées comme suit :<br><br>« **<u>Art. 7.5.07</u>. (Nouveau)** - Complice du clandestin :<br>Quiconque, à bord ou à terre, facilite l'embarquement ou le débarquement d'un passager clandestin, le dissimule à bord, ou lui procure des vivres ou des moyens de subsistance à l'insu du capitaine du navire, est puni d'un emprisonnement d'un (1) à quatre (4) ans et d'une amende de dix millions d'ariary (10.000.000 Ar) à cinquante millions d'ariary (50 000 000 Ar).<br><br>Lorsque **le complice** est le propriétaire et/ou le capitaine du navire, la peine est portée à une amende de vingt-cinq millions d'ariary (25.000.000 Ar) à soixante-quinze millions d'ariary (75 000 000 Ar), assortie de la même peine d'emprisonnement.<br><br>Lorsque l'infraction est commise de manière concertée, en réunion **ou en bande organisée**, la peine encourue est portée au maximum.<br>En cas de récidive, les peines d'amende et d'emprisonnement sont portées au double.<br>Dans tous les cas, les titres brevets et autres certificats du personnel de bord impliqué sont suspendus pour une durée de deux (2) ans ou retirés définitivement **par les autorités compétence** en cas de récidive. **S'il est établi que le propriétaire du navire a eu connaissance des faits ou s'est porté complice de l'infraction**, le permis de navigation du navire ayant |

| | |
|---|---|
| | servi à la commission de l'infraction est également suspendu pendant le même délai ou retiré définitivement en cas de récidive ». |

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny tompon'ny Tolo-dalàna na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana fa alohan'ny hirosoana amin'ny adihevitra ankapobeny dia omena fitenenana Andriamatoa Richard RAVALOMANANA Filohan'ny Antemierandoholona, hanazavana mikasika ny Tolo-dalàna natolony.

Nambarany fa ity Tolo-dalàna dia nalaina tao amin'ny « Code Maritime » ary mifandray ny Tolo-dalàna roa izay atolotra eto.
Ny antony nanaovana ireto Tolo-dalàna ireto dia mba ho fandresen-dahatra amin'ny resaka fifindra-monina tsy ara-dalàna.
Ny tanjony indray, mba hampihenana ny fifindra-monina. Raha ny zava-misy, tsy mitsahatra mihitsy ny fifindra-monina tsy ara-dalàna eto Madagasikara. Tao anaty tapa-bolana lasa izay, saika indray mandeha isan-kerinandro dia nisy fifindra-monina tsy ara-dalàna hatrany. Amin'ny maha Malagasy ankapobeny no iresahana eto, fa ho anay manokana, tena nahatonga ny ahy nanolotra ity Tolo-dalàna ity, nisy fotoana tamin'ny tenanay mbola tomponandraikitra tao amin'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, nisy an'ireny olona nifindra monina tsy ara-dalàna ireny ; nalaina ny volany, nampanantenaina zavatra tsara be izy ireo any ivelan'i Madagasikara saingy tsy maintsy mandoa vola tahaka izao ianareo raha te-handeha any ivelany. Lasa mivarotra fananana tsy fidiny ny olona. Rehefa azon'ny olona nikarakara ny vola nasainy naloa dia tsy misy rarahiany intsony. Nahazo fitarainana tamin'ny olona iray tratra tany « Mayotte » izahay, tsy maintsy naverina taty amintsika izy taorian'izay. Nambarany tamin'izany, fa ny zanany vavy iray dia natsipy tany an-dranomasina noho ny olana teny ambony ranomasina. Tamin'iza fotoana izay izahay no efa nanomboka nanome baiko hoe : aleo samy manao ny ezaka handresen-dahatra ny olona mba tsy ho tratran'izany tranga izany intsony ary hotratrarina ny olona mbola minia manao izany. Nahatsapa ny tenanay tamin'izay, fa tsy rariny ny mahazo ny teratany Malagasy. Fanampin'izany, mbola very fananana izy ireo no misy zavatra hafa manjo azy. Taty aoriana, lasa Filohan'ny Antenimierandoholona ny tenanay, matetika rehefa manao iraka any ivelany dia maheno foana fa mbola mitohy ihany ny fanondranana olona sy fifindra-monina tsy ara-dalàna ity. Maro amin'izy ireo no maty noho izany fifindra-monina izany. Ny olana, rehefa averina eto amintsika izy ireo dia lazaiana fotsiny hoe « situation irrégulière » no niainany.
Nisy teratanintsika tao « Mayotte » tapa-bolana lasa izay ; olona miisa 16 no nandeha nifindra-monina antsokotsoko tany. Rehefa tonga teo amin'ny seranam-piaramanidina, naka ny entany dia lasa toy ny mpandeha tsotra. Izay no zava-nisy. Ireo voatanisa ireo no mahatonga ny olona fa voafitaka. Mbola manana fanantenana ihany izy ireo satria tsy nisy zavatra nahazo azy, kanefa ny olona nikarakara azy mbola tsy hita.

Horesahana izay rehefa mijery ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/SENAT/PPL isika, fa ity Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL raha ny lalàna laharana faha-99-028 tamin'ny 3 Febroary 2000 «portant Réfonte du Code Maritime» dia tsy misy mihitsy sazy omena ireo kapitenin-tsambo na ireo «membre d'équipage» na ny tompon'ny sambo. Tsy misy milaza an'izay ao amin'ny «texte» kanefa izy ireo no mahatonga ny fanondranana antsokosopko. Ireo no anisany nanolorana ity Tolo-dalàna ity. Ny tanjona dia tsy hisy intsony ny fifindra-monina tsy ara-dalàna. Misy ny fandresen-dahatra ny olona mbola hanao izany. Hampihena ny fifindra-monina tsy ara-dalàna koa no tena nanaovana azy ity.

Nambaran'Andriamatoa mpanolotra ny Tolo-dalàna koa fa fanamafisana ny sazy hampiharina amin'olona tafiditra amin'ny fifindra-monina antsokosoko no antony nanolorana ity Tolo-dalàna laharana faha-007 ity, ao antin'izay ny sambo, ny tompony, ny kapitenin-tsambo ary ny «membre d'équipage». Ireo no hita ato anatiny raha ampitahaina amin'ny lalàna laharana faha-99-028.
Mikasika ny sazy ho an'ny olona miditra antsokosoko ao anaty sambo, tamin'ny taona 2000 dia «250 000 fmg à 1 250 000 fmg» ary «emprisonnement de 10 jours à 6 mois» no saziny na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany no mihatra. Raha nanao «récidive» na namerin-keloka izy dia «500 000 à 2 500 000 fmg» no saziny, ka efa ireo mpandeha antsokosoko ireo dia mandoa vola be vao afaka mandeha.

Rehefa novaina izany ato anatin'ity Tolo-dalàna vaovao ity, lasa nampiakarina ny sazy tokony haloany mba hahafahana mampihena ny olona tsy hanao izany. Nampiakarina 500 000 Ariary hatramin'ny 25 Tapitrisa Ariary ny sazy amin'izao fotoana izao. Ny fanagadrana kosa, lasa 10 andro hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina. Ho an'ny olona namerin-keloka, 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina ny saziny miaraka amin'ny izay voalaza teo ambony.
Raha vahiny kosa manao an'io fandehanana antsokosoko io dia ny tompon'ny sambo no miantoka ny fampodiana azy. Amin'ny «Code Maritime» teo aloha anefa tsy misy resaka fandehanana antsokosoko na hoe hanao «migration clandestine». Izany hoe, lasa «circonstance aggravante» ny fandehanana manao «migration clandestine» ary izay antony anaovan'ny olona «passagers clandestins». Roa taona ka hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina ary 5 Tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 25 Tapitrisa Ariary no sazy azon'izy ireo raha mbola minia manao izany.

Ho an'ny mpiray tsikombakomba amin'ny «clandestin» na ny olona miditra anaty ny sambo kosa, raha teo aloha 50 000 Ariary hatramin'ny 500 000 Ariary nosazy azony. Amin'izao kosa lasa 500 000 Ariary hatramin'ny 25 000 000 Ariary izany. Tsy voalazan'ny «texte» teo aloha ny hoe : raha ny «capitaine de navire» izay tompon'ny «circonstance aggravante» no manao izany dia lasa «maximum» amin'ireo sazy ireo no omena azy. Tahaka izay ihany koa, raha misy heloka hafa natao ankoatr'ireo efa hita ireo. Lasa mitombo avo roa heny ny sazy omena azy. Raha voaporofo fa tsy nahalala izay natao tao izy ny tompon'ny sambo dia esorina aminy ny «permis de navigation».

Ireo rehetra ireo no antony nanolorana ity Tolo-dalàna ity satria hita sy tsapa fa misy ny tsy fanarahan-dalàna ary nampitomboina koa ny sazy mba hanalefahana ny fisian'ny fifindra-monina antsokosoko.

Taorian'izay, nomena ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana sao misy fanamarihana sy fanazavana fanampiny mikasika ny Tolo-dalàna hataon'izy ireo.

Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanazavana na avy tamin'ny Solombavambahoaka na avy tamin'ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izay, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandaniana isan'andininy momba ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL ny mpivory.
Nomarihiny fa ahitana andininy miisa dimy ny Tolo-dalàna.

Nanao satroka Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, nialatsiny tamin'ny mpivory ny tenany tamin'ny fahatarany noho ny antony tsy avy taminy,

Fanamarihana voalohany : mikasika ny tovana momba ny tatitra, ao amin'ny andininy faha-10, raha ny fitadidiana, ohatran'ny nofoanana io andininy io tamin'ny fanapahan-kevitry ny Vaomiera. Izay no fanamarihana mialohan'ny hidirana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny.

Nanamarika Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa miisa roa ny Tolo-dalàna, ka ny laharana faha-007-2021/SENAT/PPL aloha no nodinihina voalohany ary rehefa vita izay vao miditra amin'ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/SENAT/PPL ny mpivory.

Nanamafy Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, fa araka ny fahitan'ny Vaomiera azy dia mifampiankina ireo Tolo-dalàna ireo ka izay no antony ilazana izany.

Rehefa izay, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa hatao ny tsangan-tànana izay mba ahafahana mandray ny fanapaha-kevitra hoe hiroso amin'ny fandaniana ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-007 sa mbola hiverina hamaky ny tatitry ny Tolo-dalàna laharana faha-006 ny mpivory ary avy eo vao miara-laniana.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Ramatoa Mpitarika fivoriana, mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-dalàna faha-006-2021/SENAT/PPL. Noho ny tsy fahatongavany'ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, mbola Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-17 Jona 2025 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny, ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka ary ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy, nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL "modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°91-025 du 12 août 1991 portant organisation et contrôle de la circulation des nationaux vers l'Extérieur, modifiée par la Loi n°96-017 du 13 aout 1996, présentée par le général de corps d'armée (e.r) Richard RAVALOMANANA, Président du Sénat de Madagascar".

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RABY SAVATSARAH Ain' Harimanga Gabrielle
2. ANDRIANIRINA Narcis
3. RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina
4. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
6. MAMINIRA Jolce

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RAMANANJARASOA Clarisse
2. PEPIN Michou
3. RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
2. HANOGNONA Hervé
3. PEPIN Michou

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana :
Andriamatoa isany,

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. HANOGNONA Hervé
3. RAZAFINDRABARY Richard
4. RAZAFITSIALA Velomanana

Ny « Général. du Corps d'Armée » (e.r) RAVALOMANANA Richard no avy amin'ny Antenimierandoholona tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | RAHARISON Narindra | MPEB/DAJC |
| 2. | RIJASOA Fanazavana | MPEB/DE.CSP |
| 3. | RAMAHEFALALA Sedera | MPEB/CSP-SAJC |
| 4. | RANDRIAMIALISON Yvette | SEDASCC/ MAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny « Général du Corps d'Armée (e.r), Andriamatoa RAVALOMANANA Richard Filohan'ny Antenimierandoholona ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa noho ireo iraka nataon'ny Filohan'ny Antenimierandoholona sy ireo mpikambana ao aminy tany ivelany no nahitana ny olana amin'ny fitomboan'ny fifindra-monina antsokosoko ataon'ny Malagasy. Ny vaovao avy amin'ireo firenena niharan'ny olana dia manambara fa rehefa tratra ireo Malagasy nifindra-monina antsokosoko ireo dia alefa hiverina haingana atỳ Madagasikara ary ny ankamaroan'ny tranga dia tsy ahitana sazy mihatra amin'izy ireo any amin'ireo firenena nampiantrano azy.

Misy araka izany ny tsy fitovian'ny fitsarana ireo Malagasy efa tafavoaka ny firenena ka naverin'ny firenena hafa taty Madagasikara sy ireo te-hiala kanefa tratra mialohan'ny fiaingana handeha any ivelany izay ampangaina sy saziana araka ny lalàna.

Misy ihany koa ireo izay mampiasa sambokely tsy ara-dalàna izay matetika miteraka fahafatesana any an-dranomasina kanefa tsy voamarina.

Noho ireo anton'ireo no ametrahana ity Tolo-dalàna ity ka ahitana ireto teboka manaraka ireto:

- Fanamelohana manokana ny fifindra-monina antsokosoko;
- Fanomezana sazy ho an'ireo mpanao heloka izay manararaotra ny tsy fisian'ny fanenjehana amin'izao fotoana izao;
- Fametrahana sazy hentitra ho fanakanana ny fifindra-monina antsokosoko.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**<u>FANAMARIHANA AVY AMIN'NY MPIVORY</u>**:

1. Tokony hovaina ny rafitry ny Famelabelarana ny Antonantony izay tsy tokony hiompana amina olona manokana fa mivelatra bebe kokoa;

2. Tokony hojerena ny fifanarahana iraisam-pirenena (convention internationale) izay efa nankatoavin'ny firenena Malagasy tamin'ny taona 1974 mialohan'ny hamolavolana ny Tolo-dalàna satria ny fifanarahana iraisam-pirenena dia ambony noho ny Lalàna ;

3. Efa nisy ny fandinihana indroa ity Tolo-dalàna ity tany amin'ny Antenimierandoholona izay niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny Minisiteran'ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetr'andro ary Ministeran'ny Raharaham-bahiny.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY**:

1. Nahoana no tsy napetraka tao amin'ny Andininy faha-10 (vaovao) ny momba ny pasipaoro?
   *Tsy napetraka ny momba ny pasipaoro satria misy taratasy afaka omen'ny Minisitera ahafahana mivoaka any ivelany mahasolo pasipaoro.*

2. Ahoana ny sazy omena ny mpiray tsikombakomba amin'ity fandehanan'ny olona mivoaka tsy ara-dalàna any ivelany ity?
   *Anisan'ny antony nanaovana ity Tolo-dalàna ity ny fanasaziana ireo mpiray tsikombakomba sy atidoha mikotrika ny fandefasana tsy ara-dalàna olona mankany ivelany.*

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna isan'andininy ny mpivory.

Nitondran'ny mpivory fanitsiana sy fanovàna ny andininy: faha-2 , faha-5, faha-6, faha-9 sy faha-10 ary faha-11 raha toa notazonina ny rinjan-teny mandrafitra ny famelabelarana ny Antonantony, andininy voalohany, faha-3, faha-4, faha-7, faha-8, faha-12, faha-13 sy faha-14 ary faha-15.

Hita ao anatin'ny tovana amin'ny tatitra ireo fanovàna rehetra natao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL "modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°91-025 du 12 août 1991 portant organisation et contrôle de la circulation des nationaux vers l'Extérieur, modifiée par la Loi n°96-017 du 13 aout 1996" ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

**Famelabelarana ny Antonantony**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy voalohany**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-2** : Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-3**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-4**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-5**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

**Andininy faha-6:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

**Andininy faha-7:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-8:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-9:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

**Andininy faha-10:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

**Andininy faha-11:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

**Andininy faha-12:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-13:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-14:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

**Andininy faha-15:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny voalaza ao amin'ny andininy faha-55 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny **endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna** ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL "modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°91-025 du 12 août 1991 portant organisation et contrôle de la circulation des nationaux vers l'Extérieur, modifiée par la Loi n°96-017 du 13 aout 1996" ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

<u>**TOVANA**</u>

| VERSION ORIGINALE | VERSION AMENDEE EN COMMISSION |
|---|---|
| Article 5 – Les disposition de l'article 10 sont modifiées et complétées comme suit :<br>« <u>Article 10 (nouveau)</u> .- <u>Toute sortie ou tentative de sortie du territoire intentionnellement effectuée en violation des dispositions de l'article 2 de la présente Loi est qualifiée de sortie illicite du territoire et constitue un délit d'émigration clandestine ».</u> | ***Article 5 –*** Les disposition de l'article 10 sont modifiées et complétées comme suit :<br><br>« **<u>Article 10 (</u>nouveau)** .- **« Toute personne qui quitte le territoire malagasy d'une façon irrégulière et illicite, en utilisant, au moment de traverser l'un des postes frontières maritimes ou aériens, un moyen frauduleux pour se soustraire à la présentation des pièces officielles nécessaires ou à l'accomplissement des formalités prescrites par la loi et les règlements en vigueur, ou en utilisant des pièces falsifiées ou par usurpation de nom, commet un délit d'émigration clandestine. »** |
| Article 6 – Il est inséré un article 11 nouveau rédigé comme suit : | ***Article 6 –*** Il est inséré un article 11 nouveau rédigé comme suit : |

| | |
|---|---|
| « Article. 11 (nouveau) – Hormis le cas prévu par l'article 45 de la Loi n° 2014-040 du 20 janvier 2015 sur la lutte contre la traite des êtres humains, est puni d'une peine d'emprisonnement de un an à quatre ans, assorti d'une peine d'amende de 10 000 000 d'ariary à 30 000 000 d'ariary, tout auteur de l'infraction prévue à l'article 10 nouveau de la présente Loi, nonobstant des peines prévues à l'article 153 du Code pénal, si le délit a été commis avec l'aide d'un faux passeport et celles prévues par les articles 7.5.06 et 7.5.07 du Code maritime, si l'émigration clandestine a été effectuée par le biais d'un embarquement frauduleux sur un navire, une embarcation ou tout type de bateau ». | **« Article. 11 (nouveau) – Tout auteur de l'infraction prévue à l'article 10 nouveau de la présente Loi est puni d'une peine d'emprisonnement de un an à quatre ans, assorti d'une peine d'amende de 10 000 000 d'ariary à 30 000 000 d'ariary.**<br>**Sont considérées considéré comme circonstances aggravantes de l'infraction visée à l'alinéa précédent du présent article le fait de faire usage de faux document de voyage. Dans ce cas, la peine prononcée est celle prévue par le Code pénal**<br>**Si l'émigration clandestine a été effectuée par le biais d'un embarquement frauduleux sur un navire, une embarcation ou tout type de bateau, l'auteur des faits encourt, en plus des peines prévues par l'alinéa premier du présent article, les peines prévues par les articles 7.5.06 et 7.5.07 du Code maritime. »** |
| Article 9 – Il est inséré un article 14 nouveau rédigé comme suit :<br>« Article. 14 (nouveau) – Sont punis d'une peine d'emprisonnement de six mois à quatre ans, assorti d'une peine d'amende de 10 000 000 d'ariary à 30 000 000 d'ariary tout co-auteur, complice outoute personne qui a aidé, facilité directement ou indirectement – entre autres par la fourniture de documents qui ont permis l'émigration clandestine - la commission de l'infraction prévue à l'article 10 nouveau de la présente Loi, nonobstant des peines prévues à l'article 153 du Code pénal dans le cas où le concours apporté dans la commission du délit consiste en la fabrication d'un faux passeport ou autre document ayant permis l'émigration clandestine ». | ***Article 9*** **–** Il est inséré un article 14 nouveau rédigé comme suit :<br>**« Article. 14 (nouveau) – Tout complice de la commission de l'infraction prévue à l'article 10 nouveau de la présente Loi, est puni d'une peine d'emprisonnement de deux (02) ans à cinq (05) ans, assorti d'une peine d'amende de 10 000 000 d'ariary à 30 000 000 d'ariary.** |
| Article 10 – Il est inséré un article 15 nouveau rédigé comme suit :<br>« Article. 15 (nouveau) – Toute personne qui a été en connaissance de la commission ou de la tentative de commission du délit prévu à l'article 10 nouveau de la présente Loi, mais ne l'a pas dénoncé aux autorités | ***Article 10*** **–** Il est inséré un article 15 nouveau rédigé comme suit :<br>« Article. 15 (nouveau) – Toute personne qui a été en connaissance de la commission ou de la tentative de commission du délit prévu à l'article 10 nouveau de la présente Loi, mais ne l'a pas dénoncé aux autorités compétentes, **est punie d'une peine d'emprisonnement de six** |

| | |
|---|---|
| compétentes, est punie d'une peine d'emprisonnement de un an à quatre ans assortie d'une amende de 10 000 000 d'ariary à 30 000 000 d'ariary ». | **(06) mois à deux (02) ans, assortie d'une amende de 500 000 ariary à 1 000 000 d'ariary ».**<br>***Il est inséré un article 16 nouveau rédigé comme suit :***<br><br>***« Article. 16 (nouveau) – Sont punis des peines prévues par la loi n° 2014-040 du 20 janvier 2015 sur la lutte contre la traite des êtres humains, ceux qui ont, avec connaissance et à des fins d'exploitation de l'émigrant clandestin, aidé ou assisté l'auteur ou les auteurs de l'action dans les faits qui l'ont préparée ou facilitée ou dans ceux qui l'auront consommée. »)*** |
| Article 11 – Il est inséré un article 16 nouveau rédigé comme suit :<br>« Article. 16 (nouveau) – Sont punis des peines prévues par la Loi n° 2014-040 du 20 janvier 2015 sur la lutte contre la traite des êtres humains, ceux qui ont, avec connaissance et à des fins d'exploitation de l'émigrant clandestin, aidé ou assisté l'auteur ou les auteurs de l'action dans les faits qui l'ont préparée ou facilitée ou dans ceux qui l'auront consommée ». | ***Article 11–*** Il est inséré un article 16 nouveau rédigé comme suit :<br>**« Article 16.(nouveau) – Les modalités d'application de la présente Loi seront fixées, en tant que de besoin, par voie réglementaire ».** |

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Fanamarihana no nataon-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, fa ny famelaberana ny antonantony momba ny tatitra novakiana teo dia lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna. Esorina ny teny hoe : tsia.

Fanamarihana faharoa, raha jerena ny tatitra niasana tany amin'ny asam-baomiera, tokony ho nisy hoe : lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna, fa toa tsia daholo no hita ao.

Nanamafy an’izay fanamarihana izay, Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa raha ny hita ao amin’ny tatitra, nitondrana fanitsiana sy fanovàna ny andininy faha-5, ny andininy faha-6, ny andininy faha-9, ny andininy faha-10 ary faha-11.

Araka ny fanamarihana natao niaraka tamin’ny teknisiana teo, lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna daholo izy rehetra.

Rehefa izay, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa alohan’ny hirosoana amin’ny adihevitra ankapobeny, omena fitenenana Andriamatoa Richard RAVALOMANANA Filohan’ny Antemierandoholona hanazavana mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL.

Nambarany fa araka ny efa nolazaina tamin’ny famelabelarana ny tatitra teo aloha, mifampiankina ny Tolo-dalàna roa. Izay no antony nanolorana azy ireto miaraka satria avy tamin’ny Tolo-dalàna laharana faha-006 no nahatonga ny Tolo-dalàna laharana faha-007.

Ny fanondranana olona tsy ara-dalàna dia tsy eto Madagasikara ihany, fa hatrany amin’ny firenena Arabo mankany Eoropa saingy ny vokan’izany dia mitovy daholo. Misy fakana vola amin’olona ary misy fiantraikany amin’ny fiainan’ny olona iray mihitsy izany. Misy aza olona tena nodimandry mihi vokatr’izany. Mbola anisan’ny antony nanolorana ny Tolo-dalàna ny toe-javatra tahak’izay.

Any ivelany, rehefa misy olona tonga antsokosoka any aminy dia karakarainy ary aorian’izay, averiny amin’ny firenena niaviany. Tsy misy sazy mahazo azy araka ny voalaza tany aloha. Isika anefa manana lalàna tokony hampiarina amin’olona mandika izany. Mamarihana fa efa nisy fifampiresahana tamin’ny Frantsay mikasika an’izany, saingy namaly ry zareo hoe: manahirana satria mikasika zon’olombelona ny resaka.
Manarak’izay, manahirana azy ny fipetrahan’ireo olona ireo any aminy. Rehefa mamerina ny olona nanao fikasana hifindra monina dia nisy nigadra. Ny antony, satria nanao fikasana izy. Misy kosa olona efa nahavita heloka hoe handeha hifindra monina. Rehefa miverina any ireo olona ireo ka tonga eny amin’ny seranam-piaramanidina, tsy misy sazy mihatra aminy akory, fa ohatran’ny mpandeha tsotra fotsiny. Izany hoe, tsara ny manavaka fa ny iray vao fikasana hanao fifindra-monina dia voasazy. Ny iray kosa efa nahavita ny fifindra-monina tsy ara-dalàna mihitsy kanefa, afaka maiana tsara ary tsy misy sazy mahazo azy rehefa tsy tratra izy. Mbola antony nanolorana ny Tolo-dalàna avokoa izany. Hamafisana ny sazy izay tokony hiahatra amin’ny olona minia manao izany. Hamafisana ihany koa ny lalàna efa nisy teo aloha satria mbola tsy nisy an’izany tao anatiny. Izany hoe, nisy lesoka maro tamin’ny lalàna teo aloha ka nampidirina amin’izao lalàna vaovao izao.
Ny Lalàna laharana faha-91-025 tamin’ny 12 Aogositra 1991 dia manao hoe: “portant organisations et contrôle de la circulation des nationaux vers l’extérieur”. Izay ihany no lalàna nisy taloha. Amin’izao lalàna vaovao kosa, navahana tsara ny hoe: “migration clandestine”. Ny “article prémier” tamin’ny lalàna taloha, milaza fotsiny hoe: “la présente loi contrôle de la circulation des nationaux vers l’extérieur”. Amin’izao kosa nasiana hoe: “la dispositiona de l’article pémier de la loi n°91-025” dia novaina ho “la loi n°96-017”. Izany hoe, novaina toy izao ny “article premier nouveau: - la présente loi a pour objet d’organiser, de contrôler la circulation des nationaux vers l’extérieur et de renforcer la lutte contre l’émigration clandestine par la mise en place des sanctions y afférentes”.

Tahaka izany koa, nitondrana fanovàna “article 2 de la loi n°91-025; sont modifiés comme suit, article 2 nouveau: - sous réserve des dispositons de l’article 9, de la presente loi, et de celles des textes en vigueur sur la circulation des personnes”. Mijanona eo ihany ny hoe: “tout citoyen malagasy est libre de quitter le territoire national et d’y révenir”.

Fehiny, araka ny hita, maro tamin’ny andininy ao anatin’izao fehezan-dalàna izao no novaina raha oharina tamin’ny “texte” teo aloha ary nampitomboina ihany koa ny isan’ny andininy ao aminy.

Noho izany, natao ity Tolo-dalàna ity mba handresen-dahatra an’ireo olona mbola tsy mahalala sy mora voafitaka mba hampihenana ny olona manao ny “migration clandestine”.
Rehefa lany soa aman-tsara ity Tolo-dalàna ity, ka mbola misy olona manao fanahiniana mandika izany dia mihatra avy hatrany ny sazy hita sy nohamafisina ao anatin’ny Tolo-dalàna vaovao.

Taorian’izay, nisaotra an’Andriamatoa Richard RAVALOMANANA, Filohan’ny Antenimierandoholona tamin’ny fanazavana nentiny mikasika ireo Tolo-dalàna ireo, Ramatoa Mpitarika fivoriana.

Rehefa izany, nanamafy ny tenany fa nisy tokoa ny fanovàna nataon’ny Vaomiera, ka izy ireo no hanazava an’izany raha mbola fanampiny tokony hataony.

Taorian’izay, nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta, ka Ramatoa TSELANY Déborah avy amin’ny Minisiteran’ny Fitsarana nandray izany.

Nambarany, fa voninahitra lehibe ho azy no mitondra fanamarihana avy amin’ny Governemanta momba ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL, izay manova sy mameno ny lalàna laharana faha-91-025 tamin’ny 12 Aogositra 1991, mandrindra sy manara-maso ny fandehanan’ny tera-tany Malagasy mankany ivelany.

Raha ny avy amin’ny Governemanta no asiana teny dia mahatsapa fa zava-dehibe tokoa izao Tolo-dalàna izao. Ny antony, mifanaraka amin’ny toe-javatra misy ankehitriny izy ireo. Ankasitrahana noho izany, Andriamatoa Filohan’ny Antenimierendoholona nanolotra azy ireo.
Mampahafantatra koa ny avy amin’ny Governemanta fa efa mandeha ny volavolan-dalàna vaovao izay mikasika ny famarinana olombelona. Izany hoe, momba ny “traite des êtres humains” dia ny lalàna laharana faha-2014-040 izay efa andalana ny fandanian’ny Governemanta azy. Ny indro kely, manana ahiahy izahay amin’ny mety hisian’ny fifanitsahana amin’izao Tolo-dalàna izao sy ny volavolan-dalàna efa eo anivon’ny Governemanta.

Izay no fanamarihana sy teny avy amin’ny solotenan’ny Governemanta, hoy ny tenany.

Rehefa izay, nomena an-dRamatoa RABY SAVATSARAH Ain’Harimanga Gabrielle ny fitenenana, ka fanamarihana mikasiika ny teny nambaran’ny solotenan’ny Governemanta no nataony.

Mikasika ny mety hisian'ny fifanitsahana amin'ny Tolo-dalàna sy ny volavolan-dalàna momba ny famarinana olona na ny «traite des être humains» izay kasain'ny Governemanta hatao.
Ny mampalahelo, rehefa manao Tolo-dalàna ny Solombavambahoaka dia miresaka volavolan-dalàna koa ny Governemanta. Ny fanamarihana hitan'ny Vaomieran'ny Lalàna dia mety ny hampiarahana azy ireo. Izanyhoe, tsy tokony hisy fifantsahana raha ny marina.

Lalàna izao ataontsika izao, hoy ny tenany, fa tsy zavatra hafa tsy akory. Raha ny lalàna natao tato no lany alohan'ny volavolan-dalàna hoentin'ny Governemanta dia anjarantsika no mampifandray azy ireo mba hifanaraka tsara. Noho izany, raha aminay tsy tokony ho sakana izay fanamarihana izay ka aleo miroso amin'ny fandinihina ny Tolo-dalàna isika.

Fanamarihana faharoa, momba ny fandrindrana ankapobeny ny asa. Tara araka ny voalaza teo ny fanamarihana na ny « observation » avy tany amin'ny teknisiana namolavola ny Tolo-dalàna. Raha mety, aleo hatao « amendement plénière » satria hafa ny tatitra voaray eto ary hafa koa ny tovana. Tsy tokony hampisavoritaka ny asa hatao izany ka izay no nahatonga anay nanolotra an'izay soso-kevitra izay.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona, fanamarihana fanampiny araka ny efa voalazan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna teo no nataony. Nambarany fa mitovy amin'izay koa ny resaka « Code Maritime », izay efa nodinihana tany amin'ny Asam-baomiera. Noho ny hamehana, aleo holaniana ny Tolo-dalàna, satria mampalahelo ny olona maty. Rehefa tonga ny volavolan-dalàna dia anjaran'ny teknisiana no mandamina sy mandrindra azy.

Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa kosa, fankasitrahana no natolony an'Andriamatoa Richard RAVALOMANANA Filohan'ny Antenimierandoholona, izay nanolotra ny Tolo-dalàna. Nambarany koa, fa mialohan'ny hirosoana amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna, tsara ny mampahafantatra ny Solombavambahoaka fa mihamahazo vahana ny fanondranana olona antsokosoko tato ho ato. Ny antony, mahatsapa ny Malagasy fa tsy sambatra izy eto amin'ny taniny. Sahirana mitady vola eto Madagasikara koa izy. Maniry fiainana ny tsaratsara kokoa ny tenany ka mitady ny fomba hiampitany ranomasina.

Manaraka izany, tsara raha mba jerena ny fiainan'ny vahoaka mba tsy hisian'ny fanondranana olona tsy ara-dalàna sy mba hampihenana an'izany koa.

Niantso ny Solombavambahoaka koa ny tenany mba hifanampy sy hifanohana amin'ny fandaniana an'ireto Tolo-dalàna ireto.

Farany, ao amin'ny « article 14 nouveau » no ametrahana fanontaniana amin'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona ; « article 14 nouveau : tout complice de la commission de l'infraction prévue à l'article 10 nouveau de la présente loi est pinu d'une peine d'emprisonnement » hatrany amin'ny farany. Tafiditra ao amin'ny « complice » ve sa tokony hosoaratana manokana ny atao hoe : « auteur principal ». Ny tena mpanao gazety ary matetika manadihad, fa ahitana karazana trano kely mihitsy io raha any amorontsiraka any ; ohatra ao Mahajanga. Izay no antony ametrahana an'izay ahiahy miendrika fanontaniana izay.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, niala tsiny tamin-dRamatoa Mpitarika fivoriana fa tsy namaky tsara ny tatitra sy « texte » mifandray amin'izany ny namana Solombavambahoaka sasany. Efa voasoratra ato izay zavatra izay nolazain'ny namana teo izay.

Notsindriany fa manohana zato isan-jato amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna koa ny tenany.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana intsony ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta dia nomen-dRamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, Andriamatoa Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona.

Raha nandray fitenenana ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna dia namaly fa tsy tokony hisy fanamarihana intsony ny avy amin'ny Governemanta satria efa natao ny Asam-baomiera nandinika ny Tolo-dalàna. Manarak'izay, ny « traite des êtres humains » dia tsy mitovy amin'ny « migration clandestine » satria lalàna roa samihafa.

Notsindriany koa, fa ny Loholona sy ny Solombavambahoaka dia tokony hiaraha-hiasa akaiky. Ny antony, samy manakaiky vahoaka ary samy mikatsaka ny tombontsoa hahatsara ny fari-piainan'ny vahoaka.

Nomarihiny fa miombon-kevitra amin'ny namana Solombavambahoaka MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa momba ny « complice » sy ny « auteur principal » izay voalazan'ny « article 14 nouveau » ny tenany. Amin'ny miaramila, tsy « auteur principal » no ilazana azy fa « investigateur ». Efa ao anatin'io « nouveau article » io avokoa ny sazy sy ny zavatra tokony harahina ao amin'izany.

Fanentanana ny amin'ny fandaniana ny lalàna izay mitaky ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nisaotra ny Filohan'ny Antenimierandoholona nanolotra ny Tolo-dalàna no nataon-dRamatoa Mpitarika fivoriana.

Raha nangataka fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle dia nampahatsiahy ny « amendement » izay holanina satria sao mbola ny ao anaty tatitra ihany no holany avy eo.

Nanamafy ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna raha nomena fitenenana fa nisy lalàna maro nodinihina tany amin'ny Asam-baomiera ary tamin'ny lalàna laharana faha-005-2025/SENAT/PPL no tena nisy resaka fanovàna ny « exposé des motifs ». Ny fanovàna ny « exposé des motifs » dia efa natao « cadre général » mihitsy.

Nanamafy koa Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, fa mbola tsy tonga eny am-pelan-tànan'izy ireo izay « exposé des motifs » miankina amin'ny handaniana ny Tolo-dalàna izay.

Rehefa nisy ny fitakian'ny Solombavambahoaka momba izay « exposé des motifs » izay mba ahafahana miroso amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna dia novakian'ny Mpitantsoratra izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, ka toy izao no fivakiny:

**EXPOSE DES MOTIFS**

« L'émigration clandestine prend de plus en plus d'ampleur à Madagascar, et ses conséquences atteignent un niveau de gravité alarmante. Afin d'endiguer ce phénomène, des mesures doivent impérativement être prises et mises en œuvre.

En effet, il ressort des informations partagées par les pays touchés par ce phénomène que lorsque ces émigrants malagasy clandestins sont appréhendés, ils font l'objet d'un refoulement immédiat vers Madagascar, sans se faire l'objet d'une sanction au niveau du pays étranger d'accueil.

Une inégalité de traitement apparaît visiblement entre les émigrants clandestins qui ont pu sortir du territoire, mais ont été refoulés par les pays de destination, et les émigrants clandestins qui en étaient encore au stade de la tentative. Ces derniers n'ont pu sortir du territoire, ayant été appréhendés à temps par les autorités malagasy, mais sont poursuivis et punis conformément aux textes en vigueur.

Une autre triste réalité concernant l'émigration clandestine est que, mise à part le risque que ces émigrants clandestins deviennent souvent victimes de traite d'êtres humains, bon nombre d'entre eux, qui sortent irrégulièrement du territoire sur des embarcations de fortune qui naviguent illicitement, périssent en mer et leurs décès ne sont même pas déclarés.

Une considération particulière de l'émigration clandestine doit ainsi être faite.

D'où, la présente loi qui :

- institue l'émigration clandestine en un délit à part entière ;
- vise la sanction des émigrants clandestins qui ont sciemment consommé l'infraction, mais jouissent d'une impunité de fait ;
- prévoit une sanction sévère contre l'émigration clandestine, qui est motivée, certes par la « punition » d'un acte répréhensible, mais surtout par la dissuasion des éventuels émigrants clandestins.

Tel est l'objet de la présente loi ».

Mbola nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nambarany fa rehefa misy asa-baomiera, mangataka ny Solombavambahoaka hanatrika izany mba tsy hisian'ny fanontaniana miverimberina eto amin'ny fivoriambe intsony.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa 17 ny Tolo-dalàna.

**Famelabelarana ny antonantony**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andininy voalohany**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy voalohany.

**Andininy faha-2**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faharoa.

**Andininy faha-3**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-3.

**Andininy faha-4**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-4.

**Andininy faha-5**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-5.

**Andininy faha-6**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-6.

**Andininy faha-7**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-7.

**Andininy faha-8**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-8.

**Andininy faha-9**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-9.

**Andininy faha-10 ka hatramin'ny Andininy faha-17**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-10 ka hatramin'ny Andininy faha-17.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°91-025 du 12 Août 1991, Portant Organisations et Contrôle de la circulation des Nationaux Vers l'Exterieur Modifiée par la loi n°96-017 du 13 Août 1996» ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°91-025 du 12 Août 1991, Portant Organisations et Contrôle de la circulation des Nationaux Vers l'Exterieur Modifiée par la loi n°96-017 du 13 Août 1996» natolotr'Andriamatoa Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona.

Taorian'izay, nambarany koa fa hiroso amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL ny mpivory.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa dimy ny Tolo-dalàna.

**Famelabelarana ny antonantony**: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andininy voalohany**: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy voalohany.

**Andininy faha-2 sy ny Andininy faha-3**: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovàna).

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-2 sy ny Andininy faha-3.

**Andininy faha-4 sy ny Andininy faha-5**: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Andininy faha-4 sy ny Andininy faha-5.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la Loi n°99-028 du 03 Février 2000, Portant Réfonte du Code Maritime» ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2025/SENAT/PPL «portant modification de la Loi n°99-028 du 03 Février 2000, Portant Réfonte du Code Maritime» natolotr'Andriamatoa Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimierandoholona.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana Andriamatoa Richard RAVALOMANANA, Filohan'ny Antenimieran-doholona mpanolotra ny Tolo-dalàna.
Fisaorana an-dRamatoa Mpitarika fivoriana sy ny Solombavambahoaka rehetra nandany ny Tolo-dalàna natolony no nataony ary nambarany fa tena zava-dehibe sy mahasoa ny vahoaka Malagasy ireo Tolo-dalàna natolony.
Fanentanana amin'ny hitohizan'ny fiaraha miasa eo amin'ny Antenimiera roa tonta koa anambarany, taorian'izay.

Nohamasiny, fa mbola ho avy eto amin'Antenimierampirenena koa ny Tolo-dalàna mikasika ny vehivavy izay efa eo andalam-pikarakarana azy ny Antenimierendoholona.
Nanolotra teny fisaorana ny solotenan'ny Governemanta izay tonga nanatrika ny fivoriana ihany koa ny tenany.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, ka fisaorana ny Solombavambahoaka nandany ny Tolo-dalàna natolotry ny Filohan'ny Antenimierandoholona no nataony.
Nomarihany, fa ny Tolo-dalàna ataon'ny Parlemantera roa tonta dia matetika tsikerain'ny Governemanta daholo rehefa tsy izy ireo no manao ny volavolan-dalàna, satria tamin'ny andron'ny tetezamita dia efa nanolotra Tolo-dalàna ny tenany. Efa ho 10 taona taty aoriana, mbola tahaka izany ihany no fomba fiasan'ny Governemanta. Nangataka ny Minisitry ny Fitsarana sy ny Minisitry ny Fanajarina ny Tany ny tenany mba ho hanatrika eto amin'ny herinandro rehefa handinika ny lalàna izay ho tonga ato mba tsy hiverenan'ny zavatra ohatran'izany intsony.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard, nanamafy ny teny nataon'Andriamatoa Solombavambahoaka namany teo ny tenany, satria manana olana amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Fambolena azy izy. Efa inefatra no nasaina tany amin'ny Asam-baomiera, Andriamatoa minisitra, kanefa tsy tonga foana. Noho izany, mitaky ny fanatrehan'ny Minisitry ny Fambolena amin'ny handinihana ny Tolo-dalàna izay ho tonga eo amin'ny herinandro satria mikasika azy ny zavatra hatao.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Mpitarika fivoriana ; koa rahampitso Zoma 20 Jona 2025 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-004/2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositins de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianatenaina Michel et TIANDRAZA Dinaraly Odilon», ao amin'ny « sallle BP ». Mbola amin'ny 9 ora, maraina, ihany dia hisy ny « Atelier de Sensibilisation des Membres de la Commission d'Evaluation des Politiques Publiques et de Leur équipe Technique», hatao eny amin'ny « Carlton ». Amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny Asam-baomiera atao ao amin'ny «salle BP» mikasika ny tolo-dalàna laharana faha-002/2025/SENAT/PPL «portant recensement, vaccination et suivi sanitaire des bovins à

Madagascar, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY ». Aorian'izay ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par les loi Lois n°2018-011 du 11 juillet 2018, n°2021-010 du 05 Août 2021 et n°2024-002 du 07 Février 2024, présentée par Madame la Sénatrice de Madagascar Lalatiana Henriette RAKOTONDRAZAFY ». Amin'ny 3 ora, tolak'andro, asam-baomiera mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-009/2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certains dispositions de loi organique n°2015-007 du 03 Mars 2015, modifiée par l'ordonnance 2015-006 du 28 Mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar»; ato amin'ny « sallle des séances ».
Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hamonjy an'ireo fivoriana ireo ny tenany ary nanamarika fa samy tokony hahalala ny asam-baomiera hatrehiny.

Nanao satroka, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tinarivelo Edouard ary nanambara fa momba ny fandaharam-potoana rahampitso eny amin'ny « Carlton » dia mifanindry amin'ny asam-baomiera eto amintsika ka tokony hojerena izay. Ny faniriana dia ny hanatrehana ny fivoriana kanefa io no zava-misy.

Raha nandray ny fitenenana, Ramatoa Lalatiana RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Henriette, Loholona, fa amin'ny fivoriana tokony hatao rahampitso, tsy maninona raha ahemotraa ny fandinihana ny Tolo-dalàna natolony.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, momba ny fandaharam-potoana rahampitso, nambarany fa tokony ho ny Antenimierampirenena no manapaka izany, fa tsy angatahana ny hevitry ny Antenimierandoholona intsony.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nanontany momba ny Tolo-dalàna natolony ary nohamifisiny mba hatao aorian'ny fetin'ny 26 Jona 2025 ny handinihana azy.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa hatao tsangan-tànana ny hanemorana amin'ny fandaharam-potona manaraka ny Tolo-dalàna hafa sy ny asam-baomiera.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany, sty nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa hahemotra amin'ny manaraka ireo ary hivory ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra momba ny daty hanaovana ny fivoriana sy ny asam-baomiera.

Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Osgacar Fenosoa, kosa taorian'izay dia nangataka ny hahazoana ny tatitra mialohan'ny fivoriana mba hahafahana mamaky sy mandinika azy tsara vao mivory.

Niato tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**